Iza i Jesosy Kristy? Fizarana 1

Miorina amin'ny boky *Inona Marina no Ampianarin'ny Baiboly?* toko 4, azo jerena ato amin'ny jw.org.

TANJONA: Hamantatra hoe inona no inoanao ary nahoana, handinika izay ampianarin'ny Baiboly, ary hijery ny fomba hanazavana an'izay inoanao amin'ny hafa.

LEHILAHY TSARA TOETRA FOTSINY VE I JESOSY?

1 FANTARO IZAY INOANAO

Nahoana ny olona sasany no mety hamaly hoe: 'Tsia'?

Nahoana indray ny hafa no mety hamaly hoe: 'Eny'?

Ary *ianao,* inona no inoanao?

Nahoana ianao no mino an'izany?

www.jw.org/mg © 2014 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

2 DINIHO IZAY AMPIANARIN'NY BAIBOLY

Mila mahalala ny marina momba an'i Jesosy ianao, satria iankinan'ny ainao izany.
(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 4, fehintsoratra 1-3.)

Vakio ny Jaona 17:3.

Araka io andininy io, inona no ho azontsika raha "mianatra hahalala" an'i Jesosy (sy ny Rainy) isika?

_____

_____

_____

Vakio ny Jaona 14:6.

Mety ho afaka hahazo fiainana mandrakizay ve isika, raha ohatra ka tsy mahafantatra ny marina momba an'i Jesosy? Nahoana?

_____

_____

_____

Manampy antsika hamantatra olona iray ny sary rehefa be tsipiriany. Manampy antsika hamantatra ny Mesia koa ireo faminaniana ao amin'ny Baiboly, satria be tsipiriany

www.jw.org/mg © 2014 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Nirahin'ny Rainy ho etỳ an-tany i Jesosy mba ho Mesia.

(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 4, fehintsoratra 4-9.)

Vakio ny Mika 5:2 sy ny Matio 2:1, 3-6.

Nahoana no tanteraka ilay faminaniana momba an'ilay Mesia nampanantenaina rehefa teraka i Jesosy?

Vakio ny Matio 3:16, 17 sy ny Jaona 1:32-34.

Nahoana i Jaona Mpanao Batisa no resy lahatra hoe irak'Andriamanitra i Jesosy?

Nahoana ianao no resy lahatra fa i Jesosy no Mesia?

www.jw.org/mg © 2014 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

3 HAZAVAO IZAY INOANAO

RAHA MISY MITENY HOE…

Olona tsara toetra niaina tany aloha be tany fotsiny i Jesosy, fa tsy nisy zavatra hafa nampiavaka azy.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Marina aloha hoe olona tsara toetra i Jesosy. Tsy izay ihany anefa no nampiavaka azy, satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

RAHA MISY MITENY HOE…

Tsy i Jesosy no Mesia. Nataony fotsiny *izay hahatonga* ny olona hino hoe izy no Mesia.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Betsaka ny olona mieritreritra an'izany, satria mino izy ireo hoe voafehin'i Jesosy daholo ny zava-drehetra. Misy zavatra tsy ho voafehiny mihitsy anefa, anisan'izany...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

www.jw.org/mg © 2014 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania